

A SAMY MPANOTA AVOKOA. Romana 3:10-18, 21-32.

- ❖ Mpanota isika ary tsy mahay misafidy hanao ny tsara.
- ❖ Ny Fanahy Masina irery no hany tokana afaka mampitsiry ny...
 - faharesen-dahatra fa mpanota isika.
 - famonoana ny avonavona.
 - faniriana hanatona an'i Jesosy mba handraisana famelan-keloka.
 - fiovana eo amin'ny fiainantsika.

B TSY MPINO. Romana 1:22-27.

- ❖ Ireo tenin'i Paoly ireo dia maneho ny zavatra rehetra vakiantsika anaty gazety na jerena amin'ny fahitalavitra.
 - Sarin'ny olo-masina, biby atao ody fanjambana (talisman).
 - Fanaovana ho andrimanitrakely ny izaho, sy ireo oloa-malazan'ny fanatanjahan-tena, ny sarimehitsika sy ny lamaody...
 - Fihanaky ny firaisan'ny olona mitovy fananahana (homosexualité).
 - Ny SIDA sy ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo (MST).
- ❖ Hatramin'ny nidiran'ny ota teto amin'izao tontolo izao, dia lavo ny olombelona ary mandositra an'Andriamanitra. Ny vahaolana tokana ho an'ny tsirairay dia ny fanekena an'i Jesosy ho Mpamonjy ny tenany manokana ihany.

D MPINO. Romana 2:1-3, 17-24.

- ❖ Mirehareha ny mpino fa tsy mba toy ny “jentilisa” ka dia mitsara azy ireo. Kanefa, dia mpanota toy ny tsy mpino ihany ny mpino.
- ❖ Mitsara ny mpino ihany koa Andriamanitra. Betsaka no adininy aminy, satria manana fahalalana betsaka ny amin'ny fahamarinana mihoatra ny tsy mpino izy.
- ❖ Ny vahaolana tokana ho an'ny mpino dia ny milefitra amin'Andriamanitra, isampotoana rehetra eo amin'ny fiainana.
- ❖ Mpino sy tsy mpino, lehilahy sy vehivavy, manan-karena sy mahantra... samy mpanota avokoa isika rehetra ary meloka.
- ❖ Raha tsy noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia tsy misy fanantenana na dia ho an'ny iray amintsika aza.

E NY VAHAOLANA OMEN'ANDRIAMANITRA HO AN'NY MPANOTA. Romana 1:16-17.

- ❖ Ny fahamarinan'Andriamanitra dia midika fa na iza na iza manana finoana ny Filazantsara (Jesosy maty teo amin'ny hazo fijaliana) dia hahazo famonjena.
- ❖ Rehefa mandray ny fahafatesan'i Jesosy am-pinoana ianao, dia io finoana io no mitarika anao hatoky an'Andriamanitra hatrany hatrany. Manana fiainana isika ary antsoina hoe marina amin'ny finoana.

F FIBEBAHANA. Romana 2:5-10.

- ❖ Afaka mamikitra am-pinoana amin'ny famonjena atolotr'Andriamanitra (fahafatesan'i Jesosy) ny mpanota. Io finoana io dia mitarika ho amin'ny fibebahana sy fiovana eo amin'ny fiainany.
- ❖ Ny mpanota mibebaka maharitra manao soa mandrakariva.
- ❖ Ny mpanota tsy mibebaka manao ratsy.